REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ANTENIMERAM-PIRENENA

LALANA n°2015-005

Anavaozana ny Fehezan-Dalàna momba ny Fitantanana ny Faritra Arovana

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny fandaniana ny lalàna vaovao anavaozana ny Fehezan-dalàna momba ny Fitantanana ny Faritra Arovana eto Madagasikara dia tohin'ny fanekena noraisin'ny Repoblikan'i Madagasikara, tamin'ny Kongresy maneran-tany momba ny Valan-javaboahary natao tany Durban tamin'ny volana Septambra 2003, mba hahatonga ny velaran'ny Faritra Arovana eto Madagasikara izay 1,7 ho 6 tapitrisa hekitara.

Ny fampiharana ny Vina tany DURBAN mikendry ny hampitomboana avo telo heny ny velaran'ny Faritra Arovana dia milaza ny farafetran'ny lalàna laharana faha 2001-005 tamin'ny 11 Febroary 2003 mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny fitantanana ny Faritra Arovana, farafetra izay mety ho zary singan-javatra iray tena manakana.

Toy izany koa, izao lalàna izao dia mikendry ny hanamafisana ny fanekena noraisin'ny Manam-pahefana malagasy mandritry ny Kongresy maneran-tany momba ny Valan-javaboahary tany Sydney tamin'ny volana novambra 2014 mikasika indrindra ny fanaovana ny fiarovana tanteraka ireo faritra arovana ireo **alohan'ny 15 mey 2015**, ny fampitomboana ny isan'ny faritra an-dranomasina arovana ary koa ny fampidirana azy ireo ao anatin'ny Endri-tanàna misy tontolo iainana faobe mirindra.

Ny fanavaozana ny Lalàna manan-kery dia ilaina manoloana ny feni-kevitra novelabelarin'ny Fiombonambe Iraisam-pirenena ho amin'ny Fikajiana ny Zava-boahary (UICN), indrindra mba :

- ahafahana mametraka ny fitantanana manaraka ny toetr'andro ireo faritra arovana,
- iantohana ny fisokafana amin'ireo karazanà mpisehatra vaovao sy ny fomba fitantanana
- anomezan-danja ny harena voajanahary sy ampiroboroboana ny fampiasana maharitra ny loharanon-karena voajanahary ho amin'ny fampihenana ny fahantrana.

Araka izany ity Lalàna ity dia manangana ny Rafitra momba ny Faritra Arovana eto Madagasikara, fitambaranà voarafitra sy mifandray eo amin'ny Faritra Arovana rehetra tsy misy fanavahana ao anatin'izany ireo Faritra Arovana tsy miankina amin'ny Fanjakana nankatoavina, ireo Faritra Arovana itambarambe. Ankoatr'izay, ireo faritra arovana an-dranomasina, izay heverina ny mampiavaka azy manokana, dia ekena ihany koa hanana ny toerana ambony eo amin'ny firenena manana ny tontolo an-dranomasina manan-danja.

Izany dia manangana indrindra indrindra ny lamin-kevitra momba ny sata mifehy ny faritra arovana amin'ny alàlan'ny fampidirana ao ny sokajy vaovao amin'ny faritra arovana ananana tanjona momba ny fitantanana manokana, toy ny Tsangambato Voajanahary, ny Endri-tanàna Mirindra Arovana sy ny Tahiry misy Loharanon-karena Voajanahary. Ireo sokajy roa farany

ireo dia nampidirina ao amin’ny rafitra ho toy ny fepetra mba ampirindrana ny asa sasantsasany momba ny famokarana sy/na fitrandrahana ao amin’ny faritra arovana kanefa tsy maintsy misy fepetra voafaritra tsara ampiarahina amin’izany. Toy izany no niheverana ireo faritra arovana vaovao mba hanakambanana ny fikajiana ny zava-manan’aina samihafa sy ny fampandrosoana maharitra ao sy manodidina ny faritra arovana.

Ireo karazana fitantanana mamaly ny fomba fanao eo amin’ny Firenena sy ny fandinihina iraisam-pirenena mikasika ny fikajiana ny zava-manan’aina samihafa sy ny fitantanana maharitra ny loharanon-karena voajanahary, dia fantatra mazava toy ny mpisehatra ihany koa. Izany dia ny fitantanam-panjakana, ny fitantanan zaraina na fiaraha-mitantana, ny fitantanana tsy miankina amin’ny Fanjakana ary ny fitantanana itambarambe miaraka amin’ny fandraisana anjaran’ny Fanjakana, ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny olon-tsotra ary ny mponina eo an-toerana.

Ny fepetra momba ny ady heloka dia nanaovana fanovàna mikendry ny hanamorana ny fampiharana izany.

Ny fanitarana ireo sokajinà mpandraharaha afaka mizaha fototra ny fandikan-dalàna amin’ireo mpandraharaha any amin’ny Minisitera izay mpiandraikitra ny fikarohana ny fandikan-dalàna, ny filazana indray ny fandikan-dalàna raha oharina amin’ny Fehezan-dalàna taloha sy ny fanafoanana ny fifampiraharahana dia hahatonga ny fanenjehana araka ny tokony ho izy sy araka ny zava-misy ary tena izy.

Izany no anton’izao Lalàna anavaozana ny Fehezan-dalàna momba ny Fitantanana ny Faritra Arovana izao.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

LALANA N°2015-005

ANAVAOZANA NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FITANTANANA NY FARITRA AROVANA

Ny Antenimieram-pirenena dia nandany mandritra ny fivoriana tamin'ny 22 janoary 2015, ny Lalàna izay toy izao ny andinindininy :

LOHATENY VOALOHANY : FEPETRA ANKAPOBE

TOKO VOALOHANY : FAMARITANA SY HAIKARAZAN-TOETRA

SOKAJY VOALOHANY : FAMARITANA

Andininy voalohany : Araka ny hevitr'izao lalàna izao, ny atao hoe :

-**Faritra Arovana (AP)** : toerana iray voafaritra, an-tanety, an-dranomasina, amorontsiraka, anaty rano izay mampiseho lanja manokana ny ao anatiny indrindra momba ny haiaina, ara-boajanahary, amin'ny hatsaran'ny endrika, amin'ny firafiny ivelany, ara-tantara, momba ny haifahagola, ara-pivavahana na ara-kolontsaina, ary izay ilàna ny fiarovana amin'ny endriny marolafy, ho an'ny tombontsoan'ny daholobe ;

Izany dia tantanana ho amin'ny fiarovana sy ny fitandroana ny haiain'ny zava-manan'aina samihafa, ny fikajiana ny lanja manokan'ny harena voajanahary sy ara-kolontsaina ary ny fampiasana maharitra ny loharanon-karena voajanahary mandray anjara amin'ny fampihenana ny fahantrana ;

-**Faritra an-dranomasina arovana** : faritra iray anelanelan-tsondrodrano sy sinton-drano na ambanin'ny tsondro-drano sy sinton-drano ary ireo rano mandrakotra azy, ary koa ny zava-maniry, ny biby ary ny toetoetra ara-tantara sy ara-kolontsaina miaraka aminy ;

-**Faritra arovana itambarambe** : Faritra Arovana iray natsangana sy tantanan'ny mponina eo an-toerana an-tsitrapo ho amin'ny fikajiana sy ny fampiasana maharitra ny loharanon-karena voajanahary, ny fiarovana ny fomban-drazana sy ny harena ara-kolontsaina sy ara-panahy miaraka aminy ary koa ny fomba sy ny fanao nentim-paharazana maharitra ;

-**Bokin'andraikitra** : tahirin-kevitra mamoaka amin'ny antsipiriany ny lalàna sy adidy aman'andraikitra mifehy ny fitantanana ny Faritra Arovana ;

-**Fiaraha-mitantana** : ny fiaraha-miasa sy ny fizarana ny andraikitra eo amin'ny mpitantana ny Faritra arovana sy ny mpandray anjara voakasika amin'ny famolavolana sy amin'ny fanatontosana ny fombafomba fitantanana ;

-**Fikajiana ny lanja manokan'ny harena voajanahary sy ara-kolontsaina** : ny fiantohana ny fanehoana ny zava-manan'aina samihafa tokana eto Madagasikara, ny fikajiana ny harena

ara-kolontsaina malagasy sy ny fitandroana ny fisahanan'asa momba ny zava-boahary manodidina ;

-**Fifanaraham-pitantanana itambarambe** : ny fifanarahana ifanaovan'ny mpitantana ny Faritra arovana sy ny mponina eo an-toerana mamaritra ny fisahanana ny asa aman-draharaha ataon'izy ireo ara-toekarena, ara-kolontsaina ary ara-pivavahana sy ny fombafomba firotsahana an-tsehatr'ireo mponina ireo amin'ny fitantanana ny Faritra arovana ;

-**Fitevena ala** : ny lahasa niniana atao izay misy fiantraikany manimba ny toetry ny tany misy ala sy mamarana ny amin'izay tokony ampiasana ny ala na mitarika mivantana sy hatramin'ny farany ny fiantraikany mitovy ihany, afatsy raha toa izany ka natao araka ny drafi-panajariana sy ny fitantanana ;

-**Zo fampiasana** : ny fakàna ny loharanon-karena voajanahary tsy hatao varotra mba hampiasaina amin'ny filàna ao an-tokantrano, amin'ny ahavelomana na amin'ny fomban-drazana, ho an'ny mponina eo an-toerana miorim-ponenana. Tsy azo amidy izany ary atao ao anatin'ny faritry ny Fifanarahana momba ny fitantanana itambarambe ;

-**Zahavoahary** : fizahan-tany tompon'andraikitra sy maharitra mifototra amin'ny fikajiana ny harena voajanahary sy ara-tsosialy sy ara-kolontsaina eto Madagasikara, miahy ny fiantohana maharitra ny zava-boahary manodidina amin'ny fanajana ny tontolo iainana sy ny mponina ka iantohana ny fitsinjarana ara-drariny ny vokatra ara-toekarena ;

-**Fitantanana ny faritra arovana** : fitondrana ny asa rehetra hatao eo anivon'ny faritra arovana, ka ny tanjona farany dia ahafahana manatanteraka amin'ny fomba maharitra ny asan'izy ireo momba ny haivoahary, ara-toekarena ary ara-tsosialy ;

-**Mpitantana ny Faritra arovana** : izay rehetra olom-panjakana na olon-tsotra, ny vondron'olona itambarana, ny vondron'olona mijoro ara-dalàna na ny mponina eo an-toerana miantoka ny fitantanana ny Faritra arovana miara-miasa amin'ny mpandray anjara voakasika ;

-**Mpandray anjara voakasika** : ny fitambaran'ireo mpisehatra, indrindra ireo sampan-draharaham-panjakana ifotony sy ireo sampan-draharaha ara-teknika anapariaham-pahefana, ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo olom-boafidy, ireo manam-pahefana nentin-drazana sy ireo solontenan'ny mponina eo an-toerana, ireo fikambanana tsy miankina amin'ny Governemanta sy ireo mpandraharaha tsy miankina amin'ny Fanjakana, voakasiky ny toerana misy ny Faritra arovana sy ny faritra manodidina azy ;

-**Drafitra fanajariana sy fitantanana** : ny tahirin-kevitra sy ireo tovana aminy mampiseho ny fepetra voalaza mba iantohana ny fikajiana sy ny fitantanana maharitra ny Faritra arovana ;

-**Tambazotra** : fitambaran'ireo Faritra arovana mifandray amin'ny izy samy izy manana tanjona iombonana, fenin-kevi-pitantanana iombonana, mpitantana iombonana na tombontsoa iombonana ;

-**Rafitry ny Faritra Arovana** : ny fitambaran'ny firafitry ny Faritra Arovana efa misy sy hatsangana mahasolotena ny zava-manan'aina samihafa malagasy sy lanja hafa hiantohana ny faharetany ;

-**Loharanon-karena voajanahary** : fitambaran'ny loharanon-karen'ny zava-manan'aina azo havaozina, mineraly na misy solitany tsy azo havaozina izay azo avy amin'ny faritra arovana ;

-**Fampiasana maharitra ny loharanon-karena voajanahary** : ny fampiasana, araka ny hevitry ny fakàna, amin'ny fomba sy amin'ny hafainganana izay tsy mitarika amin'ny fahasimban'izy ireo amin'ny lavitr'ezaka, miaro araka izany ny hery ananany manome fahafaham-po ny filàna sy fanirian'ireo taranaka ankehitriny sy any aoriana ;

-**Asa fitrandrahana** : fikarohana na fitsirihana na fitrandrahana na fakàna ny loharanon-karena voajanahary tsy azo havaozina ao anatin'ny faritra arovana natao manokana ho an'io karazana asa io sy miaraka amin'ny fahazoan-dàlana mialoha avy amin'ny manam-pahefana mahefa ;

-**Tahirin-javaboahary Manontolo** : faritra mahasolotena ny zavaboahary manodidina manokana ka ny tanjona dia hiarovana ny lanja manokana, indrindra momba ny haiaina sy ara-boajanahary ao anatin'ny faritra voafaritra hijerena ara-dalàna ny mampiavaka sy ny fomban-drazana malagasy ;

-**Valam-pirenena** : velarana iray natokana ho amin'ny fiarovana sy amin'ny fikajiana ny harena voajanahary na ara-kolontsaina mitàna ny endriny taloha ho an'ny tombontsoan'ny Firenena, manome sehatra fialamboly sy fanabeazana ;

-**Valan-javaboahary** : velarana iray ho an'ny tombontsoan'ny faritra na kaominina, natokana ho amin'ny fiarovana sy ny fikajiana ny harena voajanahary na ara-kolontsaina mitàna ny endriny taloha ka manome sehatra fialamboly sy fanabeazana ;

-**Tahiry Manokana** : faritra arovana iray tantanana indrindra ho amin'ny fikajiana ny trano fonenana na ny karazan-javatra ao aminy ;

-**Tsangambato Voajanahary** : faritra arovana iray tantanana indrindra mba hiarovana ireo singa voajanahary manokana miaraka amin'ny zava-manan'aina samihafa ;

-**Endri-tanàna Mirindra Arovana** : faritra arovana iray ka ny fifandraisana eo amin'ny Olombelona sy ny Voahary dia mandray anjara amin'ny fitandroana ny zava-manan'aina samihafa sy ny lanja momba ny hatsaran'ny endriny, ny kolontsaina sy ny fivavahana ary ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy ;

-**Tahiry misy Loharanon-karena Voajanahary** : velarana iray tantanana indrindra ho amin'ny fampiasana maharitra ny zava-boahary manodidina voajanahary. Amin'izany, ny ampahatelony raha be indrindra amin'ny velarany manontolo dia atokana ho amin'ny asa fampiasana maharitra ny loharanon-karena voajanahary.

SOKAJY II : HAIKARAZAN-TOETRAN'NY FARITRA AROVANA

And. 2 :

Ny Tahirin-javaboahary Manontolo (RNI), ny Valan-javaboaharim-pirenena (PN), ny Valan-javaboahary (PNAT), ny Tsangambato Voajanahary (MONAT), ny Tahiry Manokana (RS), ny Endri-tanàna Mirindra Arovana (PHP), ary ny Tahiry misy Loharanon-karena Voajanahary (RRN) dia Faritra Arovana ka ny sata dia voalaza ao amin'ny Lohateny II amin'ity lalàna ity.

Ny Faritra an-dranomasina Arovana (AMP) sy ny Faritra Arovana Itambarambe (APC) dia azo atsangana araka ny fisehoan-javatra, mifototra amin'ny na ireo sata voalazan'ity lalàna ity, ho toy ny Tsangambato Voajanahary, Endri-tanàna Mirindra Arovana, Tahiry Manokana ary Tahiry misy Loharanon-karena Voajanahary. Ny filazana mazava momba ny fananganana sy ny fitantanana ireo Faritra an-dranomasina Arovana dia hoferana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika.

Ny Fanjakana dia mitandro amin'ny fiantohana ny fiarovana eo amin'ny lafiny lalàna mifanentana amin'izany ireo toera-manintona manana ny marika iraisam-pirenena, toy ny toera-maninton'i Ramsar, ny Faritry ny Tontolo mahavelon'ny zava-manan'aina ary ny Toera-manintona momba ny Vakok'izao Tontolo izao izay natsangana ho Faritra arovana

mba hampiroboroboana ny lanjan'izy ireo maneran-tany sy hiantohana ny fitantanana mahomby azy ireo ao anatin'ny toe-java-misy eto amin'ny firenena.

Ny sata vaovao mifehy ny Faritra arovana dia azo atsangana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika.

Ny Faritra arovana ho an'ny besinimaro dia mijanona ho fananan'ny Fanjakana ihany, izay soloin'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra arovana tena.

And. 3

Ity lalàna ity dia manavaka ny Faritra arovana araka ny fomba itondrana ny fananan-tany ampiharina :

- Ny Faritra arovana ho an'ny besinimaro hita eo amin'ny tanim-panjakana sy ny tanin'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana azo amidy sy tsy azo amidy. Izany dia mahakasika manokana indrindra ireo Tahirin-javaboahary Manontolo, ny Valam-pirenena ary ny Tahiry Manokana ;
- Ny Faritra arovana isasahana, fivondronan'ny tanim-panjakana azo amidy sy tsy azo amidy. Izany dia mahakasika ny Tsangambato Voajanahary Arovana, ny Endri-tanàna Mirindra Arovana ary ny Tahirin-karena Voajanahary ;
- Ny Faritra arovana nankatoavina natsangana amin'ny tanim-panjakana tsy azo amidy iray na maro.

And. 4

Ny foto-kevitra amin'ny fitantanana, arak'izay faritan'ny andininy faha-6 , dia mihatra amin'ny Faritra arovana rehetra, tsy tohinina ny sata sy ny fomba itondrana ny fananan-tany.

TOKO II : ZAVA-KENDRENA

And. 5

Ny zava-kendren'ny Rafitra momba ny Faritra Arovana eto Madagasikara dia mahakasika ny:

- fikajiana manontolo ny zava-miaina samihafa eto Madagasikara, indrindra ny tontolo manodidina , ny karazana sy ny fiovaovan'ny taranaka ;
- fanomezan-danja ny harena voajanahary sy ara-kolontsaina, ny fanabeazana ary ny fialambolin'ny olom-pirenena sy ny mpitsidika ;
- fanomezan-danja ny zava-miaina samihafa amin'ny alàlan'ny fikarohana ;
- fihazonana ny sampan-draharahan'ny haivoahary sy ny fampiasana maharitra ny loharanon-karena voajanahary mba hampihenana ny fahantrana ;
- fikajiana sy fanomezan-danja ny haren-tsaina Malagasy ;
- fampiroboroboana ny zahavoahary ;
- fitsinjarana mitovy ireo tombontsoa ateraky ny harena voajanahary ary ;
- fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy sosialy ho an'ny taranaka any aoriana amin'ny alàlan'ny fikajiana sy fampiasana ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina sy tsy azo havaozina raha ilaina ao anatin'ny sokajy V, ny Endri-tanàna Mirindra Arovana.

TOKO III: FOTO-KEVITRA

SOKAJY VOALOHANY : FITANTANANA NY FARITRA AROVANA

And. 6

Ny karazam-pitantanana ny faritra arovana dia ny fitantanan'ny vahoaka, ny fitantanana ifampizarana na fiaraha-mitantana karazanà fiaraha-miasa na iarahana , ny fitantanana tsy miankina amin'ny fanjakana ary ny fitantanan'ny vondrombahoaka.

Ny foto-kevitry ny fitantanana ny Rafitra momba ny Faritra Arovana eto Madagasikara dia faritana amin'ny alàlan':

- ny fitsinjarana ara-drariny ny anjara raharaha, ny asa ary ny andraikitra eo amin'ny mpitantana ny Faritra arovana sy ireo mpandray anjara isan-karazany voakasika eo amin'ny lafiny fananganana sy fitantanana ny Faritra arovana;
- ny fanentanana, ny fanabeazana ary ny fampahafantarana ny olom-pirenena;
- ny fankatoavana avy hatrany ny fomba arahina amin'ny fakan-kevitra sy ny fikaonan-doha eo amin'ny mpitantana ny Faritra arovana sy ireo mpandray anjara samihafa mikasika ny fananganana, ny fitantanana ary ny fampidinana sokajy ao amin'ny sata mifehy ny Faritra arovana;
- ny fiaraha-mitantana , indrindra indrindra amin'ny alàlan'ny fankatoavana ny Drafi-panajariana sy ny fitantanana ifampiraharahana amin'ny mpandray anjara isan-karazany sy ny Fifanekem-pitantanana ny vondrom-bahoaka ho toy ny fitaovana manokana amin'ny fandraisana anjaran'ny mponina eo an-toerana amin'ny fitantanana ny Faritra arovana, raha ilaina;
- ny fankatoavana ny fepetra fiarovana na asa azo ampifandimbiasana miteraka fidiram-bola ho an'ireo mpandray anjara isan-karazany anonerana ny fameperana ny zom-pitompoana na ny zo hampiasa vokatry ny fananganana sy ny fepetra amin'ny fitantanana ny Faritra arovana ;
- ny fangaraharana sy ny foto-kevitra momba ny andraikitry ny mpitantana ny Faritra arovana manoloana ireo mpandray anjara isan-karazany sy ny fanjakana;
- ny fanajana ny foto-kevitra momba ny tamberin'andraikitra ataon'ny mpitantana delege manoloana ny Fitondran-draharaha miandraikitra ny Faritra arovana;
- ny fanajana ny foto-kevitra momba ny fizarana mitovy ny tombontsoa eo amin'ny sehatry ny fitantanana ny faritra arovana.

SOKAJY II : FANANGANANA RAFITRA MOMBA NY FARITRA AROVANA, NY TAMBAJOTRY NY FARITRA AROVANA ARY NY FAMORIANA NY FARITRA AROVANA

And. 7

Ny Rafitra momba ny Faritra Arovana eto Madagasikara no mandamina ny Faritra arovana araka ny fomba mirindra sy ny endrika maro lafy , manodidina ny foto-kevitra, ny zava-kendrena, ny sata, ny mpisehatra amin'ny fomba mazava mikasika ny fikajiana sy ny fitantanana maharitra.

And. 8

Ny Faritra arovana dia afaka ihany koa atsangana ho tambazotra mifanaraka amin'ny drafi-pitantanana.

And. 9

Noho ny fiheverana ny toekarena amin'ny ambaratongam-pitantanana, dia mety hirosoana ny famoriana ny Faritra arovana an'ireo sokajy samihafa, tany mifanakaiky, eo anivon'ny tontolo iainana ara-jeografia mirindra. Amin'izany misy fepetra sasantsasany amin'ny drafi-pitantanana azon'ny komity teknika natao manokana amin'izany harindra hampivondronana

ireo mpitantana na ny solontenan'ny Faritra arovana voakasika sy izay rehetra mpisehatra ilaina.

LOHATENY II : SATAN'NY FARITRA AROVANA

And. 10

Ny Faritra arovana iray dia sokajiana arakakaraky ny nanaovana azy sy ny zava-kendren'ny fitantanana mifanaraka amin'ny sata izay misy azy.

TOKO VOALOHANY : NY TAHIRIN-JAVABOAHARY MANONTOLO

And. 11

Ny Tahirin-javaboahary Manontolo dia mikendry ny :

- fiarovana ny tontolo manodidina, ny famoriana ny karazana tsy fahita any an-kafa efa ho lany tamingana ao anatin'ny veleram-paritra ka tsy maintsy ijerena ny faritra ilaina amin'ny fahafaha-miain' ireo karazana sy ao anatin'ny fepetra tsy voakorontana arak'izay azo atao ;
- fihazonana ny loharanon-taranaka sy ny haiaina ;
- fikajiana ny tontolo voajanahary fakan-tahaka ho amin'ny fandinihana siantifika, ny fanaovana andrimaso mitohy ny tontolo iainana, anatin'izany ny faritra atao fitsiahy amin'ny fanalana izay rehetra fidirana tsy tena ilaina , ary
- fanomezan-danja ny fomba amam-panao malagasy mba hitsimbinana ny faritra sy ny harena dia manan-kasina.

And. 12

Raràna manerana ny Tahirin-javaboahary Manontolo rehetra, ny fidirana sy ny fampiasana ny loharanon-karena voajanahary raha tsy ho amin'ny fikarohana na ho amin'ny fomba fanao tena manokana nekena tao amin'ny Drafi-panajariana sy fitantanana.

TOKO II : NY VALAM-PIRENENA SY NY VALAN-JAVABOAHARY

And. 13

Ny Valam-pirenena na ny Valan-javaboahary dia mikendry ny :

- fiarovana ny faritra voajanahary sy ny endri-tanàna manan-danja eo amin'ny firenena, faritra na kaominina ho amin'ny haivoahary ara-panahy, siantifika, fanabeazana, fialam-boly na zahavoahary ;
- fametrahana rafi-pitantanana maharitry ny tontolo manodidina mba ho an'ireo voalaza teo ambony, indrindra ho amin'ny fitantanana ny zahavoahary ;
- fampaharetana ao anatin'ny fomba fiaina voajanahary arak'izay azo atao ny ohatra mampiseho ny faritra ara-tsary ny toe-tany, ny mponina araka ny haiaina, ny loharanon-taranaka sy ny karazana amin'ny fomba ahafahana miantoka ny fahamarinan-toerana sy ny fahamaroan'ny haivoahary ;
- fiantohana ny fanajana ireo singa amin'ny haivoahary sy haifirafitry ny nofontany ; ary
- famaliana ny filàn'ny mponina manodidina, amin'ny fampiasana ny loharanon-karena ikendrena ny amin'ny fivelomana , ao anatin'ny fepetra mifankaheny amin'ny zava-kendrena hafa momba ny fitantanana .

And. 14

Raràna manerana ny Valam-pirenena iray na Valan-javaboahary iray : ny famonoana, ny fihazana ary ny fisamborana biby sy ny fanimbana na ny fanangonana zava-maniry, afa-tsy noho ny antony ara-tsiansa na noho ny filàna amin'ny fanajariana na noho ny filaminam-bahoaka, eo ambany fanaraha-maso sy ny fitarihana ataon'ny mpitantana ny Faritra arovana.

TOKO III : NY TAHIRY MANOKANA

And. 15

Ny Tahiry Manokana dia atsangana mba hiantohana sy hihazonana ny fepetra momba ny fonenana ilaina ho fiarovana ny karazana, ny vondronà karazana, ny mponina haiaina na ny singan-javatra mivaingana manan-danja amin'ny tontolo voajanahary izay, amin'ny ankapobe, mila ny fidiran'ny olombelona an-tsehatra mba ahazoana vokatra tsara ny fitantanana.

And. 16

Iharan'ny fitsipika manerana ny Tahiry Manokana, ny fihazana, ny fanjonoana, ny famonoana na ny fisamborana biby, ny fakana bibisokay sy akorandriaka ary ny fanangonana vokatry ny ala mitsiraka sy tsy mitsiraka ho an'ny mponina eo an-toerana atao amin'ny varotra.

TOKO IV : NY TSANGAMBATO VOAJANAHARY

And. 17

Mifototra manodidina ny singan-javatra voajanahary na kolontsaina iray miavaka, ny Tsangambato Voajanahary dia natao ho :

- fiarovana na fitsimbinana ny singan-javatra voajanahary tena maningana noho ny lanjany ara-boajanahary na noho ny toetra tokana aman-tany na amin'ny mahasolontena azy na ny hevitra ara-panahy ananany sy ;
- fitsimbinana ny zava-miaina samihafa sy ny lanja ara-kolontsaina izay mfandrohy amin'izay, toy ny sisa tavela farany tamin'ny ala voajanahary, ny toera-manintona nany ala manan-kasina (toy ny fady) ary ny toerana anaovana fikarohana momba ny haifahagola ara-tantara na noho ny lanja araka ny hatsaran'endrika manokana .

And. 18

Raràna manerana ny Tsangambato voajanahary rehetra, ny fidirana an-tsehatra rehetra mety hanova ny tontolo iainana na ny endri-tanàna ary ny fakana ny loharanon-karena voajanahary atao amin'ny varotana, afa-tsy izay voalazan'ny Drafi-panajariana sy ny fitantanana.

TOKO V : NY ENDRI-TANANA MIRINDRA AROVANA

And. 19

Ny Endri-tanàna Mirindra Arovana dia mikendry ny :

- fikojakojana ny hamaroan'ny endri-tanàna ary koa ny tontolo iainana mifaningotra aminy ;
- fikajiana ny fifandraisana mirindra ny zavaboahary sy ny kolontsaina, amin'ny fiarovana ny endri-tanàna an-tanety sy /na an-dranomasina ary amin'ny fiantohana ny

fitànana ny endri-ponenana voajanahary sy fanorenana nentim-paharazana, ary koa ny fanehoana ny zava-misy ara-piaraha-monina sy kolontsaina eo an-toerana ; ary
- fampiroboroboana ny fomba fiainana maharitra sy ny asa aman-draharaha ara-toekarena mirindra amin'ny zava-boahary ary koa ny fiarovana ny maha izy azy ara-piaraha-monina sy kolontsaina sy ny tombontsoan'ny mponina voakasika .

And. 20

Iharan'ny fitsipika ao amin'ny Endri-tanàna Mirindra Arovana, ny fakana harena voajanahary tsy azo havaozina sy azo havaozina, anisan'izany ny fanjonoana nentim-paharazana sy mampiasa fitaovana tsotra araka ny rafitra anaovana ny faritra izay ahafahana manao ny fitrandrahana amin'ny alàlan'ny fifandimbiasana mihodina

TOKO VI : NY TAHIRIN-KARENA VOAJANAHARY

And. 21

Ny Tahirin-karena Voajanahary dia natao :

- hiantohana ny fiarovana sy ny hikajiana ao anatin'ny fotoana lava ny fahamaroan'ny haihay momba ny aina sy ny lanja ara-boajanahary ireo toera-manintona hafa ;
- hiarovana ny loharanon-karena voajanahary amin'izay endrika rehetra mety hampiasaina ka mitarika amin'ny fanimbana ny fahamaroan'ny haihay momba ny aina ; ary
- hampiasana ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina ho amin'ny tombontsoan'ny mponina eo an-toerana.

And. 22

Raràna manerana ny Tahirin-karena Voajanahary ; izay rehetra endrika fampiasana afao sy ny fanaovana tevy ala rehetra afa-tsy izay notapahina sy nomena alàlana araka ireo zava-kendrena amin'ny fitantanana sy ireo fepe-dalàna manan-kery.

And. 23

Iharan'ny fitsipika ao amin'ny Tahirin-karena Voajanahary, ny fakana harena voajanahary araka ny fepetra ao amin'ny drafi-panajariana sy ny fitantanana izay mampiditra ny fitsipika nentim-paharazana momba ny fitantanana sy fepetra momba ny fitantanana maharitra.

LOHATENY III : FANANGANANA SY FANOVANA NY FARITRA AROVANA

TOKO VOALOHANY : FOMBA ARAHINA AMIN'NY FANANGANANA

And. 24

Ny fananganana faritra arovana iray dia miankina amin'ny fahefan'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana araka ny tolokevitra avy amin' ny olon-tsotra , na fikambanana sy izay vondrona natsangana.

And. 25

Ny Faritra Arovana an'ny fanjakana, tantanan'ny Fanjakana , ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary ny mponina eo an-toerana dia faritana araka ny fitsipika sy ny fomba arahina mifehy ny tanim-panjakana azo amidy sy ny tanim-panjakana tsy azo amidy, ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ary ny fikambanana fehezin'ny lalàna mifehy ny besinimaro, araka ny sata mifehy azy. Ny fetra narafitra arak'izany dia marihina mivaingana sy fantarina araka ny endrika voadidin'ny lalàna.

Ampahany amin'ny faritra an-tanety na an-dranomasina, miankina amin'ny tanim-panjakana azo amidy na tsy azo amidy an'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy an'ny fikambanana fehezin'ny lalàna mifehy ny besinimaro, dia azo sokajiana ho Faritra arovana raha toa ireo izay ao anatiny toy ny biby, ny zava-maniry, ny tany, ny rano, ary amin'ny ankapobe ny tontolo voajanahary, ka mampiseho fahasarotana eo anivon'ny tontolon'ny zavaboahary manan'aina na ahitana toetra manokana maneho ny fahasamihafan'ny zava-manan'aina na ny tontolo manodidina Malagasy.

And. 26

Faritra iray maneho toetoetra soritan'ny andininy faha-25 andàlana 2 sy hita eo amin'ny tanin'olon-tsotra dia azo ankatoavina ho Faritra arovana araka ny fangatahana ataon'ny tompony. Ny fombafomba fankatoavana mahakasika faritra arovana tsy miankina amin'ny Fanjakana dia ferana amin'ny alàlan'ny diddy amam-pitsipika.

And. 27

Ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana no misahana ny fandrindrana ny anjara birikin'ny Minisitera voakasika sy ny fandraisan'anjaran'ny sampan-draharaha anaparihampahefana amin'ny dingana rehetra mikasika ny fomba arahina amin'ny fananganana Faritra arovana iray.

And. 28

Ny fomba arahina amin'ny fananganana Faritra arovana iray dia faritana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika izay ahitana dingana maromaro anatin'izany ny fametrahana fiarovana vonjimaika sy mamatotra ny mpandray anjara voakasika

Ny fananganana raikitra Faritra arovana iray dia tapahina amin'ny alàlan'ny didim-panjakana raisina eo amin'ny Filankevitry ny Governemanta.

TOKO II: FANOVANA NY SATA SY NY FETRA

And. 29

Ny faritra arovana dia azo anaovana fampakarana sokajy na fampidinana sokajy, arakaraky ny fepetra voafaritra tsara

And. 30

Ny fampakarana sokajy dia fanovàna sata mampitombo ny havesa-danjan'ny fepetra fikajiana mahakasika ny manontolo na ampahany amin'ny faritra arovana.

And. 31

Ny fampidinana sokajy dia fanovàna sata mampihena ny havesa-danjan'ny fepetra fikajiana mahakasika ny manontolo na amphany amin'ny faritra arovana.

And. 32

Ny hevitra ilàna ny fanovàna sata dia mety avy amin'ny Minisitera misahana ny Faritra arovana na ny mpitantana ny Faritra arovana.

Ny mpitantana ny Faritra arovana, aorian'ny faneken'ny Minisitera misahana ny Faritra Arovana, dia manao ny fitarihana ny fomba arahina amin'ny fanovàna sata mifehy ny Faritra arovana miaraka amin'ny fandraisana an-tànana ny sara ateraky ny asa aman-draharaha efa tontosaina.

Ny Minisitera misahana ny Faritra Arovana no miantoka, amin'ny maha-Minisitera mpiahy azy, ny fandrindrana ny fandraisan'anjaran'ny Minisitera hafa sy ny manampahefana ao an-toerana voakasiky ny dingana mahakasika ny ireo sehatr'asa mifandraika amin'ny andraikiny tsirairay avy.

And. 33

Ny fombafomba fanovàna sata dia faritana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika.

And. 34

Ny fanapahan-kevitra fanovàna sata dia atao amin'ny alàlan'ny didim-panjakana raisina eo am-pivorian'ny Governemanta.

And. 35

Raha misy fanovàna fetram-paritra dia anjaran'ny mpitantana ny faritra arovana miaraka amin'ny vondrona voakasika no manantanteraka izany.

LOHATENY IV : FITANTANANA NY FARITRA AROVANA

TOKO VOALOHANY : LAFINY EO AMIN'NY ANDRIM-PITONDRANA

And. 36

Ny Minisitera misahana ny Faritra Arovana, aorian'ny fakan-kevitra amin'ireo departemantan'ny minisitera teknika voakasika, ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ireo mponina ao an-toerana, dia afaka mamindra ny fitantanana amin'ny iray na maromaro amin'ny Faritra arovana amin'ny fikambanana fehezin'ny lalàna mifehy ny besinimaro na olon-tsotra eo ambany fomba fitondran'ny fitantanana nomem-pahefana, araka ny fepetra voalazan'ity lalàna ity sy araka ny rijan-teny fampiharana.

Ny fifanekena momba fanomezam-pahefana amin'ny fitantanana dia misy bokin'andraikitra iray ao amin'ny tovana manondro mazava ny zava-boalazan'ny fanomezam-pahefana, ny zo sy ny adidy aman'andraikitry ny andaniny sy ny ankilany ka ny ao anatiny dia faritana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika

Ny fitantanana ny tambazotran'ny faritra arovana dia azo afindra fahefana amin'ny alàlan'ny didim-panjakana amin'ireo vondrona notombanana fa mahefa ataon'ny Minisitra misahana ny Faritra Arovana.

Ireo vondrona ireo dia afaka mamindra ny fitantanam-panatontosana asa aminà vondrom-panjakana na tsy miankina amin'ny fanjakana hafa, aorian'ny fandinihana ny fahafaha-manaony ara-teknika sy ara-bola, ary mahazo ny fankatoavan'ny Minisitera misahana ny Faritra Arovana.

And. 37

Ny andraikitra tena ilain'ny mpitantana dia ahitana indrindra :

- ny fikajiana sy ny fitondran-draharaha amin'ny fomba maharitra ny zava-manan'aina samihafa sy ny harena voajanahary sy ara-kolontsaina ;
- ny fanatanterahana ny drafi-panajariana sy ny fitantanana ny Faritra arovana ary ny fanomanana ny fanitsiana azy ;
- ny fanajariana ny Faritra arovana araka ny fepetra momba ny drafitra sy ny fametrahana ny fotodrafitrasa sahaza ary koa fanatanterahana sy ny fizohina ny fandaharan'asam-pitantanana ;
- ny fehin-teny amin'ny fifanarahana momba ny fitantanana itambarambe ;
- ny fehin-teny amin'ny fifanarahana samihafa amin'ny fanatanterahana sy ny fizohina ny fandaharan'asam-pitantanana ;
- ny fisahanana ny fanaovana andri-maso sy ny fanaraha-maso ny Faritra arovana izay mikendry amin'ny fanabeazana, fisorohana ary fanasaziana ny asa aman-draharaha sasantsasany tsy mifanaraka amin'ny zava-kendrena amin'ny Faritra arovana ;
- ny fampaharetana ara-bola ho an'ny fitantanana maharitra ny faritra arovana amin'ny fiaraha-miasa amin'ny Minisitera misahana ny Faritra Arovana ;

And. 38

Ny sori-dàlana fototra momba ny fitantanana sy ny fandrindrana amin'ny ankapobe ny Rafitry ny Faritra Arovana eto Madagasikara dia miankina amin'ny Minisitera misahana ny Faritra Arovana ampian'ny rantsana fakan-kevitra iray ka ny ao anatiny sy ny anjara raharahany dia faritana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika.

Ny fandrindrana ankapobe dia mikasika indrindra ny amin'ireto raharaha manaraka ireto :

- ny paika arahina amin'ny fananganana sy ny fitantanana ny Faritra arovana ;
- ny boky kely mirakitra ny Drafi-panajariana sy ny Fitantanana ;
- ny fanomezana sy ny fisintonana ny fankatoavana ny Faritra arovana tsy miankina amin'ny fanjakana ;
- ny fandrindrana sy fanamorana ny asa aman-draharaha rehatra na lahasa mikasika ny Faritra arovana ;
- ny fanaraha-maso sy ny fanohanana ara-teknika amin'ny fitantanana ;

TOKO II : FITSIPIKA MOMBA NY FAMPIASANA FARANY IZAY KELY INDRINDRA NY LOHARANON-KARENA VOAJANAHARY

And. 39

Ny fampiasana maharitra ny loharanon-karena voajanahary ao amin'ny Rafitry ny Faritra Arovana eto Madagasikara dia ampiharina amin'ny sata rehetra mifehy ny Faritra arovana. Na izany aza anefa, ny fampiasana dia tsy tanterahina ao amin'ny ambaratongan'ny faritra anivony amin'ny Faritra arovana rehetra sy manerana ny Tahirin-javaboahary Manontolo, ny Valam-pirenena, ny Valan-javaboahary ary ny Tahiry Manokana.

Natao araka ny fepe-dalàna sy didy amam-pitsipika, ireo fepetra momba ny drafi-pitantanana, ny bokin'andraikitra, ny fitsipika anatiny ary ny fifanarahana momba ny fitantanana itambarambe, ny asa aman-draharaha ao amin'ny Faritra arovana ary koa ny fitantanana ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina hita ao aminy na dia izany aza dia iharan'ny fitsipika araka ny sata mifehy ny Faritra arovana sy ny faritra voakasika

And. 40

Araka ny fampiasana ny teknolojia tsy hisy fiantraikany be loatra, ny fanamboarana ny toera-manintona tra-pahavoazana sy ny fanonerana ara-drariny, ny asa aman-draharaha momba ny fitrandrahana teo alohan'ny fananganana ny faritra arovana ary koa ny asa aman-draharaha famokarana herinaratra dia omen-dàlana araka ny foto-kevitry ny fiaraha-monina ho an'ny tranga mikasika ny faritra arovana ao amin'ny sokajy Endri-tanàna Mirindra Arovana ankoatry ny faritra anivo ao anatin'ny fanajana antsakany sy andavany ny fepe-dalàna manan-kery eo amin'ny lafin'ny tontolo iainana.

Raha misy fahitana vokatra trandrahana tao amin'ny faritra arovana ao amin'ny sokajy Endri-tanàna Mirindra Arovana sy ao anatin'ny fitsinjovana ny fiaraha-monina, dia tsy azo hatao ny fitrandrahana raha tsy aorian'ny fanovàna ny faritra anatin'io Faritra arovana io

Ny mpandraharaha ao amin'ny sehatr'asam-pitrandrahana dia mandray anjara amin'ny famantarana, ny velaram-paritra iray mitovitovy na namboarina maneho ilay zavaboahary manodidina ihany ary mitovy eo amin'ny zava-manan'aina samihafa amin'ny faritra ahitana tombony amin'ny fitrandrahana aorian'ny fanehoan-kevitry ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana, ny tolokevitry ny mana-mahay manokana momba izany sy ny rantsana fakan-kevitra voalazan'ny andininy faha-38. Ny fombafomba famantarana sy ny fandanjalanjana ny faritra dia ho faritana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika.

And. 41

Ny asa aman-draharaha rehetra mifandraika amin'ny fakàna ny taranaky ny biby fiompy na zava-manan'aina dia tokony hiantoka ny fizarana marina sy ara-drariny ny tombony araka ny lalàna manan-kery.

Ny asa aman-draharaha momba ny toekarena mifanaraka amin'ny zava-kendrena amin'ny fitantanana ny faritra arovana dia amporisihina sy ampiroboroboana ao amin'ny faritra manodididna azy ary, raha heverina fa mety, ao amin'ny faritra manodidina ny Endrin-tanàna Mirindra Arovana ary ny Tahiry misy Loharanon-karena Voajanahary.

Izay rehetra miendrika fipetrahana amin'ny tany na asa aman-draharaha izay, noho ny habeny na ny karazany, tsy mifanaraka amin'ny zava-kendrena amin'ny fitananana ny Faritra arovana, dia voarara.

Ny fidirana amin'ny Faritra arovana ao amin'ny Raritry ny Faritra arovana eto Madagasikara ao anatin'izany ny fisidinana latsaky ny arivo metatra haavo eo ambonin'io faritra voalaza io dia fehezin'ny didy amam-pitsipika.

Ny fikarohana ara-tsiantifika, ny famonoana ny biby sy ny zavamaniry mba hitanana ny zahavoahary, dia tsy azo atao raha tsy nahazoana alàlana avy amin'ny mpitantana sy ny fahazoan-dàlana avy amin'ny Minisitera misahana ny Faritra Arovana.

And. 42

Ny fitsipika mifehy ny fitantanana ny Faritra arovana dia tsy maintsy miantehatra, arak'izay azo atao sy mifanaraka amin'ny zava-kendrena fototra amin'ny fikajiana ny zava-manan'aina samihafa sy ny fampiasana maharitra ny loharanon-karena voajanahary, ny fanajana ny fenitra sy ny fomba nentim-paharazana (Dina, fady, toerana masina any anaty ala, anaty rano na hafa voamariky ny mponina ao amin'ny toerana voakasika.

Ankoatr'izany, ao anatin'ny sata rehetra mifehy ny Faritra arovana, mba hanomezana fahafaham-po ny filàna mahavelona ny mponina manodidina, raha misy hamehana, ny loza voajanahary, mba hanajana ny fomba nentim-paharazana ataony, ary raha tsy misy ny vahaolona mifandimby, asa aman-draharaha sasantsasany na fakàna voarara dia azo omena alàlana noho ny antony manokana, eo am-pivorian'ny Governemanta, araka ny ny tolokevitry ny Minisitera misahana ny Faritra Arovana sy ny mpitantana ny faritra arovana.

And. 43

Ireo fifanarahana manana endrika ara-barotra sy ireo izay mikasika ny asa aman-draharaha momba ny fizahan-tany na hafa dia azo ifanarahan'ny mpitantana miaraka amin'ny vatatenan'olona rehetra na fikambanana aorian'ny fankatoavan'ny Minisitera misahana ny Faritra Arovana.

Ny fehin-teny rehetra amin'ny fifanekena manana endrika iraisam-pirenena na misy lanjany lehibe dia miankina amin'ny fari-pahefan'ny Minisiteran'ny misahana ny Faritra Arovana.

Ny fombafomba mikasika ny fehin-teny amin'io fifanarahana io sy amin'ireo fifanekena ireo dia ferana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika.

Ny mpitantana ny faritra arovana dia omena alàlana handray ny sara, indrindra ny sara alaina eo amin'ny fidirana, ny sara amin'ny fikarohana, ny sara momba ny fizaka-manana ara-tsaina, ny sara alaina amin'ny fakàna sary ka ny fombafomba fandraisana, fampiasana ary fitsinjarana izany dia ferana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika.

And. 44

Ny famerana ny fepetra momba ny fanatanterahana ny asa aman-draharaha rehetra mikasika ny fikarohana ara-tsiantifika eo amin'ny biby sy ny zava-maniry ao amin'ny faritra arovana, dia miankina amin'ny fari-pahefan'ny Minisitera misahana ny faritra arovana.

Ny fepetra fampiasana sy ny tombony amin'ireo vokatra avy amin'izany dia fehezin'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika manan-kery sy manaja ny feni-kevitra momba ny fizarana ara-drariny ny tombony aterak'izany.

TOKO III : FITAOVAM-PITANTANANA

SOKAJY VOALOHANY : DRAFI-PANAJARIANA SY NY FITANTANANA, SEHATRA AMPERIN'ASA MOMBA NY PAIKA ARAHINA AMIN'NY FIAROVANA, FIFANARAHAM-PITANTANANA ITAMBARAMBE SY BOKIN'ANDRAIKITRA

And. 45

Iarahana mihevitra amin'ny mpandray anjara voakasika, ny Faritra arovana tsirairay, eo ambany fiandraiketan'ny mpitantana, dia omena drafi-panajariana dimy taona sy fitananana efa natao mialoha, ny fifanarahana momba ny fitantanana itambarambe sy fitsipika anatiny.

Ankoatr'izany, ny Faritra arovana miankina amin'ny fanjakana, amin'ny fitantanana namindram-pahefana, ny Faritra arovana itambarana ary ny Faritra arovana nahazo fankatoavana dia omena bokin'andraikitra iray.

And. 46

Ny drafi-panajariana sy ny fitantanana dia tahirin-kevitra iray milazalaza sy amin'ny an-tsipiriany manondro ny singa mandrafitra ny toe-tany sy ny zava-manan'aina ao amin'ny Faritra arovana, ny tontolo iainana ara-tsosialy sy ara-toekarena ao aminy, ny zava-kendrena amin'ny fitantanana avy hatrany sy hatramin'ny farany, ny paikady sy ny fandaharam-panajariana sy ny fitantanana, ary koa ny mari-panondroana ny fiantraikany ary ny fanombanana ny filàna ara-bola mifototra ao anatin'ny dimy taona.

Izy ihany koa no mamaritra ny fepetra manokana sy ny fameperana azy manokana amin'ny fiantohana ny fikajiana ny Faritra arovana.

Ny Drafi-panajariana sy ny fitantanana ny Faritra arovana miankina amin'ny fanjakana ary koa ireo fitaovana stratejika momba ny fitantanana dia tokony ankatoavin'ny Minisitara misahana ny Faritra Arovana.

Ny lahasa mikasika ny Faritra Arovana eo amin'ny ambaratongan'ny faritra sy eo an-toerana ary koa ny zava-kendrena amin'ny fitantanana azy ireo dia ampidirina ao amin'ny fitsiahy momba ny fampandrosoana any amin'ny faritra.

Ahitana ny drafi-pamaritana feno manondro ny faritra anivon'ny fizarana iray na maromaro, ny faritra manodidina sy ireo fizarana manan-kery ao aminy : Faritra Ipetrahana Arahi-maso (*ZOC*), Faritra Fampiasana Maharitra (*ZUD*), Faritra Iasana (*ZS*) na Faritra natokana ho amin'ny asa aman-draharaha nomen-dàlana ary koa fandalinana ny fiantraikan'ireo asa aman-draharaha natao amin' ireo faritra ireo mikasika ny Faritra arovana ao anatin'izany, raha ilaina, ny faritra fiarovana sy ny faritra manodidina araka ny sata mifehy azy.

Ny fepetra mikasika ny fanatanterahana ny bokin'andraikitra dia ferana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsika.

And. 47

Ny fitsipika anatiny dia mifehy indrindra indrindra ny zo sy adidy aman'andraikitry ny mpitsidika rehetra sy ny olona rehetra tonga ao amin'ny Faritra arovana na izay miditra ao sy mikasika indrindra ireto singa manaraka ireto :

- ny fampatsiahivana ny rijan-tenin-dalàna sy didy amam-pitsipika ary koa ny tahirin-kevitra fitsiahy izay ny Drafi-panajariana sy ny fitantanana ary ny Dina ;
- ny fepetra ankapobe sy ny feni-kevitra fidirana ao amin'ny Faritra arovana ;
- ny fepetra manokana mikasika ny karazana asa aman-draharaha tsirairay atao ao anatin'ny Faritra arovana ;
- ny fepetra manokana mikasika ny asa aman-draharaha ara-tsosialy sy ara-kolontsaina ataon'ny mponina ao anatin'ny Faritra arovana.
- ny fandrarana mety havoasazy ara-panjakana sy ady heloka.

Ny drafi-pamaritana sy ny fitsipika anatiny dia tsy maintsy hanaovana fampahafantarana araka izay tratra ho fantatry ny besinimaro.

Ny Faritra arovana itambarambe dia omena drafi-panajariana mandritra ny dimy taona sy fitantanana nohamoraina ka ny fombafomba amin'izany dia ferana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika.

And. 48

Ny sehatra enti-miasa momba ny paika arahina amin'ny fiarovana no mamaritra ny fomba arahina izay andraisan'ny mponina manana fahafaha-manao anjara amin'ny fananganana ny

Faritra arovana, na izany amin'ny famaritana ny fepetra fiarovana ilaina, na amin'ny fanatanterahana sy amin'ny fizohina ny asa aman-draharaha mifandraika amin'izany.

Izy no mametra ny sori-dàlana ankapobe, ny fomba arahina sy ny feni-kevitra momba ny famaritana ny fepetra fiarovana ny tombontsoan'ny mponina sy ahitana ny fitambaran'ny toromarika horaisina amin'ny fomba arahina amin'ny fananganana ny Faritra arovana indrindra ao amin'ny bokin'andraikitra momba ny tontolo iainana.

And. 49

Ny fifanaraham-pitantanana itambarambe no mamaritra ny fanatontosan'ny mponina eo an-toerana ny asa aman-draharaha ara-teokarena, ara-kolontsiana ary ara-pivavahana ataony sy ny fombafomba firotsahana an-tsehatra ataon'ireo mponina ireo amin'ny fitantanana ny Faritra arovana.

Amin'izany :

-Izy no mamantatra ny amin'ny zon'ny mponina, indrindra ny zo hampiasa ananany, ny mponina izay mahazo tombontsoa amin'izany, ny faritra izay ampiasàna ireo zo ireo ary ny fepetra sy ny fombafomba fanatanterahana izany. Ny fenitra sy ny fitsipika nentim-paharazana mety amin'ny zava-kendrena momba ny fitantanana ny Faritra arovana dia omena lanja.
-Izy no manisy fitsipika ny fombafomba fandraisan'anjaran'ny mponina amin'ny fiaraha-mitantana ny Faritra arovana, ao anatin'izany ny asa aman-draharaha fanaovana andri-maso, ny fitarihana ary koa ny asa aman-draharaha momba ny zahavoahary.
-Izy no mamaritra ny fepetra fiarovana na ny asa aman-draharaham-pifandimbiasana maharitra mampidi-bola anonerana ny fameperana amin'ny zom-pitompoana na ny zo hampiasa ateraky ny fananganana sy ny fepetra amin'ny fitantanana ny Faritra arovana iray. Ireo fepetra ireo dia hanaovana tomban'ezaka ny amin'ny fahombiazan'izany rehefa tapitra ny dimy taona ary, raha ilaina, ny fepetra amin'ny fanitsiana.

SOKAJY II : FAMARITANA NY FARITRA AROVANA

Zana-tsokajy voalohany : Fetram-paritra anatiny

And. 50

Ny Faritra arovana dia ahitana ny faritra anivony sy ny faritra manodidina.

And. 51

Ny faritra anivony dia faritra manana ny hasiny sy ny lanjany eo amin'ny zava-manan'aina samihafa, ara-kolontsaina na ara-pivavahana, ara-tantara, amin'ny hatsaran'ny endrika, amin'ny firafiny ivelany ary momba ny haifahagola, atsangana ho faritra fiarovana manontolo.

Ny asa aman-draharaha rehetra, izay rehetra fidirana sy izay rehetra fivezivezena ao dia voafetra sy voaisy fitsipika.

And. 52

Ny faritra manodidina dia habaka, ka ny asa aman-draharaha atao ao dia asiana fitsipika mba hiantohana ny fiarovana tsara indrindra ny faritra anivony ao amin'ny Faritra arovana sy hiantohana ny nanaovana ny ao aminy tsirairay.

Azo atao ho anisan'ny faritra manodidina, indrindra ny Faritra Ipetrahana Arahi-maso (*ZOC*), ny Faritra Fampiasana Maharitra (*ZUD*) ary ny Faritra Iasana (*ZS*) izay fehezin'ny bokin'andraikitra :

- ny Faritra Ipetrahana Arahi-maso (*ZOC*) no manondro ny faritra ipetrahan'ny mponina, ao anatin'ny Faritra arovana efa misy talohan'ny nananganana azy ;
- ny Faritra Fampiasana Maharitra (*ZUD*) dia habaka momba omen-danja ara-toekarena ka ny fampiasana ny loharanon-karena sy ny asam-pamokarana dia asiana fitsipika sy arahi-maso ;
- ny Faritra Iasana dia faritra iray natokana ho amin'ny fametrahana ny fotodrafitrasa momba ny fizahan-tany, fanabeazana na hampandehanana ;
- Faritra atokana ho an'ny asa aman-draharaha hafa omena alàlana sy faritana manokana amin'ny alàlan'ny Drafitra fanajariana sy fitantanana.

Zana-tsokajy II : Farafetra ivelany

And. 53

Ny Faritra arovana dia mety hodidinin'ny faritra fiarovana sy faritra manodidina na faritra manodidina manokana.

Ny faritra fiarovana dia faritra mifanila amin'ny Faritra arovana izay anatanterahana ny asa famokarana ara-pambolena, fiandrasana biby fiompy ary fanjonoana na karazana asa aman-draharaha hafa mba hialana amin'ny mety ho fisian'ny fahavoazana tsy azo arenina ao amin'ny Faritra arovana.

Ny faritra manodidina dia faritra mifanakaiky amin'ny faritra fiarovana na raha tsy izany amin'ny faritra ivelany, izay ny asan'ny olombelona dia mbola mety hampisy fiantraikany mivantana amin'ny Faritra arovana sy mifamaly amin'izany.

Ny asa aman-draharaha rehetra ankoatra izay efa nisy hatramin'izay tao amin'ny faritra manodidina dia tokony hanaovan'ireo mpandray anjara rehetra voakasika sy ny mpitantana ny Faritra arovana fifampidinihana.

Ny farafetran'ny faritra isan-karazany ao amin'ny Faritra arovana dia tokony hoentina ao amin'ny drafitra momba ny sori-kisarintany ary koa amin'ny drafitra eo an-toerana momba ny fampiasana ny tany amin'izay misy izany.

And. 54

Ny faritra fiarovana dia faritana amin'ny alàlan'ny didim-panjakana fananganana ny Faritra arovana, ny faritra manodidina amin'ny alàlan'ny Drafitra fanajariana sy fitantanana.

Ny adidy aman'andraikitra ankapobe momba ny fanaraha-maso, fiambenana ary fampandrenesana mikasika ny tranga miseho ao amin'izany faritra izany izay mety hahakasika ny Faritra arovana manontolo dia anjaran'ny mpitantana.

LOHATENY V : FEPETRA MOMBA NY FAMAIZANA

TOKO VOALOHANY : FANDIKAN-DALANA

And. 55

Tsy tohinina ny fandikan-dalàna voalaza indrindra tamin'ny alàlan'ny lalàna momba ny ala, ny fihazana, ny harena an-kibon'ny tany, ny haren'ny atirano ary ny mikasika ny jono, ny haren'ny zavamanan'aina, ny biby sy ny zavamaniry, dia fandikan-dalàna raha toa ka natao tao amin'ny toerana fantatra ara-dalàna fa faritra arovana :

1. Izay rehetra fanaovana tevy ala arahina fandoroana tsy nahazoana alàlana tamin'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana aorian'ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana ;
2. Izay rehetra fanaovana tevy ala tsy nisy fandoroana tsy nahazoana alàlana tamin'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana aorian'ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana ;
3. Izay rehetra fampirehetana afo natao tamin'ny nahim-po, niniana na tamin'ny alàlan'ny fifampiresahana ;
4. Izay rehetra fakàna na izay rehetra fanimbana biby, zavamaniry, tsangambato na zavatra hafa rehetra tsy nahazoana alàlana tamin'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana aorian'ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana ;
5. Izay rehetra halatra sy fanafenana halatra biby, zavamaniry, vokatra hafa na zavatra ao amin'ny toera-manintona ;
6. Izay rehetra asa manohintohina ny endrika ananan'ny zavamaniry na biby ;
7. Izay rehetra fampijaliana atao amin'ny biby ;
8. Izay fanorenana rehetra tsy nisy ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana sy ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana ;
9. Izay asa rehetra fakàna ao amin'ny Tahirin-javaboahary Manontolo, ny Valam-pirenena sy ny Valan-javaboahary, ny Faritra Manokana ary ny Faritra manokana misy ny Harena Voajanahary ;
10. Izay rehetra asa fakàna ao amin'ny Endri-tanàna Mirindra Arovana tsy nisy ny fanoehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana sy ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana afa-tsy ny faritra anivo mafy ;
11. Izay rehetra fakàna ny vokatra avy amin'ny fanapoaham-bato sy ireo avy aminy ary koa izay vokatra rehetra avy amin'ny ala tsy mitsiraka tsy nisy ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana sy ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana ;
12. Izay rehetra fanapahana ny vokatra avy amin'ny ala mitsiraka tsy nahazoana alàlana tamin'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana aorian'ny fanehoan-kevitry ny mpitantana ;
13. Izay rehetra fandaozana, fametrahana, fanariana, famarinana, fandetehana ny vokatra amin'ny endriny rehetra mety hanimba ny hatsarana sy ny endrika tsy voatohintohina ananan'ny mandrafitra ny tontolo iainana ;
14. Izay rehetra fikarenjen'ny biby fiompy ao an-trano tsy misy fifanarahana amin'ny mpitantana ;
15. Izay rehetra fanapotehana na fanimbana ny fotodrafitrasa tsy nisy ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana sy ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana ;
16. Izay rehetra fampidirana ny zavamaniry na biby tsy nahazoana alàlana avy tamin'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana aorian'ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana ;

17. Izay rehetra asa fanjonoana sy fihazana tsy nisy ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana sy ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana ;

18. Izay rehetra fitondrana sakafo ho an'ny biby tsy nahazoana alàlana avy tamin'ny mpitantana ;

19. Izay rehetra fanelingelenana niniana natao na izay rehetra fanakorontanana ny biby na manao ahoana na manao ahoana endrik'izany;

20. Izay rehetra filasiana, fitobiana ary fiatoana miaraka amin'ny kalesy na fiara tsy nahazoana alàlana tamin'ny mpitantana ;

21. Izay rehetra fidirana ambany ranomasina tsy nahazoana alàlana ara-dalàna tamin'ny mpitantana sy izay rehetra fihazana ambany ranomasina tsy nisy ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana sy ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana ;

22. Izay rehetra sidina mihoatra amin'ny haavo arivo metatra farafahakeliny tsy nisy ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana sy ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana ;

23. Izay rehetra fandavana ny ho arahi-maso na hanaraka ny baikon'ny mpiasa nahazo fankatoavana hanao izany ;

24. Izay rehetra fidirana tsy nahazoana alàlana avy tamin'ny mpitantana ;

25. Izay rehetra fakàna rano tsy nisy ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitanana sy ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana ;

26. Izay rehetra fampiasana tsy ara-dalàna ny toerana ;

27. Izay rehetra fikarohana siantifika tsy nahazo alàlana avy tamin'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana ;

28. Izay rehetra fanaovana kijana sy asa fambolena hafa na mitovy amin'izany tsy nisy ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana sy ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana ;

29. Izay rehetra fitaterana na fivarotana zavamaniry, biby dia, na vokatra avy amin'ny ala fototra na ny miaraka amin'izany, ny vokatry ny fanjonoana sy biby sokay avy ao amin'ny Faritra arovana tsy nahazoana alàlana avy tamin'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana aorian'ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana ;

30. Izay rehetra fitanana ny zavamaniry, biby na vokatra harena an-kibon'ny tany, vokatry ny fanjonoana sy hafa avy ao amin'ny Faritra Arovana aorian'ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana ;

31. Izay fakàna sary na izay rehetra fanodinana sarimihetsika tsy nahazoana alàlana avy tamin'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra Arovana aorian'ny fanehoan-kevitra mifanaraka amin'izany avy tamin'ny mpitantana ;

32. Izay rehetra fandikana ny fepetra voalazan'ny rijan-teny amam-pitsipika, ny fitsipika anatiny, ny drafitra fanajariana sy fitantanana, ary ny bokin'andraikitra noraisina ho fampiharana azy ireo.

And. 56

Izay rehetra karazana biby sy zavamaniry notanana, notaterina na namidy tsy nampoizina tamin'ny fomba tsy ara-dalàna ivelan'ny Faritra arovana dia heverina ho toy ny nalaina tao anatin'izany. Mitovy amin'izany ihany koa ny akora mineraly, ny akora avy amin'ny toerana fanapoahana vato et sisan-karingarina.

TOKO II : FANASAZIANA

And. 57

Heverina ho toy ny heloka bevava ny fandikan-dalàna manerana ny Faritra Arovana voalaza ao amin'ny paragrafy 1, 2, 3, 4, 9 ary 10 amin'ny andininy faha-55.

Na iza na iza nanao ny iray tamin'ireo fandikan-dalàna ireo dia hosaziana amin'ny fanaovana asa an-terivozona sy fandoavana lamandy Ar 100.000.000 ka hatramin'ny Ar 2.000.000.000.

And. 58

Ny fandikan-dalàna natao tamin'ny iray amin'ireto toe-java-misy manaraka ireto manerana ny faritra arovana :

1- Ny alina ;

2- isaky ny vondrona ;

3- tamin'ny alàlan'ny fitaovana harifomba na mandeha motera ;

4- Tamin'ny alàlan'ny herisetra, miaraka amin'ny fitaovam-piadiana miharihary na miafina

dia heverina ihany koa ho toy ny heloka bevava ary hosaziana amin'ny fanaovana asa an-terivozona amin'ny fotoana sy fandoavana lamandy Ar 100.000.000 ka hatramin'ny 2.000.000.000.

And. 59

Na iza na iza nanao ny fandikan-dalàna voalazan'ny paragrafy 5, 6, 7, 8, 11, 12 ka hatramin'ny 31 amin'ny andininy faha-55, tao anatin'ny faritra anivo mafy ananan'ny faritra arovana, dia hosaziana amin'ny fampidirana am-ponja dimy ka hatramin'ny folo taona sy amin'ny fandoavana lamandy Ar 100.000.000 ka hatramin'ny Ar 2.000.000.000, tsy tohinina ny fampiharana ny sazy tena henjana voalazan'ny lalàna manokana.

And. 60

Na iza na iza nanao ny iray tamin'ireo fandikan-dalàna voalazan'ny paragrafy 5 ka hatramin'ny 8 sy 11 ka hatramin'ny 31 amin'ny andininy faha-55 ireo, tao anatin'ny faritra manodidina an'ny Faritra Arovana manontolo, dia hosaziana amin'ny fampidirana am-ponja roa ka hatramin'ny dimy taona sy amin'ny fandoavana lamandy Ar 5.000.000 ka hatramin'ny Ar 20.000.000.

And.61

Ny fikasana hanao heloka bevava dia hosaziana mitovy sazy amin'ilay heloka bevava. Toy izany koa ny fikasana hanao heloka tsotra dia hosaziana mitovy amin'izany heloka izany.

And. 62

Hosaziana amin’ny fandoavana lamandy Ar 100.000 ka hatramin’ny Ar 500.000 ary amin’ny fampidirana am-ponja hatramin’ny sivy amby roapolo andro no mihoatra, na ny iray amin’ireo sazy roa ireo ihany, na iza na iza nanao ny fandikan-dalàna voalazan’ny paragrafy 32 amin’ny andininy faha-55.

Azo ambara ny fampiatoana ny fifanarahana ho an’ny faharetana tsy mihoatra ny telo volana noho ny tsy fanatanterahan’ny mpitantana ny Faritra Arovana ny iray amin’ireo adidy aman’andraikitra fototra. Avoaka ny fepetra fampifanarahana amin’ny fanajana ny fifanarahana momba ny fanomezana fitantanana sy ny bokin’andraikitra. Raha tsy misy ny tsy fanajana izany fepetra fampifanarahana izany, dia hofoanana ny fifanarahana momba ny fanomezana fitantanana.

And.63

Ireo mpiray heloka, ireo mpiray tsikombakomba sy ireo nihazona ireo zavatra vokatry ny heloka dia voasazy mitovy amin’ilay mpanao heloka ary voaheloka ?????

And. 64

Ankoatra ny fepetra mikasika ny sazy mihantona sy ny anton-javatra manamaivan-tsazy ary tsy tohinina ny fampiharana ny lalàna mikasika ny fiarovana ny ankizy sy ny olona sembana, ny sazy nambara ho amin’ny fandikan-dalàna voalazan’ity lalàna ity dia tsy azo ampiarahina na amin’ny anton-javatra manamaivan-tsazy na ny sazy mihantona.

.

And. 65

Ny fitaovam-piadiana, ny fitaovana lehibe momba ny fanjonoana, fiara na sambo, fiarakodia na fitaovam-pitaterana hafa ampiasaina amin’ny fihazana, fanjonoana na asa rehetra voarara, dia alaina ka amidy araka ny fombafomba faritana amin’ny alàlan’ny didim-panjakana, na tazonina tsy hiasa araka ny lalàna manan-kery, arakaraka ny tranga.

Na izany aza, ny kalesim-piarandalamby, ny fiaramanidina, ny fiaran’ny sosaiety mpitatitra vahoaka tsy voakasik’ity fitsipika ity; ny zavatra nitranga tamin’ny alàlan’ny fandikan-dalàna rehetra ao anatin’izany fiara izany dia ampidinina sy giazina araka ity lalàna ity sy ny rijan-teny fampiharana azy.

TOKO III : FOMBA ARAHINA MOMBA NY FIZAHANA FOTOTRA NY FANDIKAN-DALANA

And. 66

Ao anatin’ny sehatr’ity lalàna ity, afaka manao ny fizahana fototra ny fandikan-dalàna sy ny fikarohana ny tompon’antoka :

1. Ny mpiasa ao amin’ny Sampan-draharahan’ny ala nahavita fianianana;
2. Ny manamboninahitra polisy mpikaroka ny fandikan-dalàna fehezin’ny lalàna iombonana;
3. Ny mpiasam-panjakana nahazo fankatoavana araka ny lalàna mikasika ny Jono;
4. Ny mpiasa nahazo ny fankatoavan’ny manam-pahefana momba ny ranomasina;

5. Ny mpiasam-panjakana nahazo fankatoavana araka ny lalàna mikasika ny harena an-kibon'ny tany sy solitany;

6. Ny inspecteurs sy contrôleurs des douanes nahazo fankatoavana;

7. Ary ny mpiasa hafa nahazo fankatoavana araka ny lalàna.

And. 67

Ny mpiasa tanisaina ao amin'ny andininy faha-66 dia tsy afaka misahana ny asan'ny polisy mpikaroka ny fandikan-dalàna raha tsy aorian'ny fanaovany fianianana manoloana ny Fitsarana ambaratonga Voalohany (TPI) mahefa eo an-toerana. Tsy voatery hanavao ny fianianany izy ireo raha misy ny fanovana ny toerana ampiandraiketan-draharaha.

And. 68

Izay olona rehetra tsy mpiasa misahana ny fitanana an-tsoratra, araka ny andininy faha-143 ao amin'ny Fehezan-dalàna mikasika ny paika arahina momba ny ady heloka, dia tsy maintsy mitondra ny nanao ny fandikan-dalàna tratra ambodiomby manoloana ny mpiasa misahana ny fitanana an-tsoratra akaiky indrindra voalazan'ny andininy faha-66 etsy ambony miaraka amin'ny tatitry ny toe-java-nitranga.

And. 69

Izay olona rehetra nahafantatra ny fandikana ity lalàna ity ary koa ny rijan-teny fampiharana izany dia tsy maintsy mampilaza izany amin'ny Sefom-pokontany na ny lefiny. Ny Sefom-pokontany dia manao tatitra amin'ny iray amin'ny mpiasa misahana ny fitanana an-tsoratra akaiky indrindra na ny mpiambina ny Faritra arovana.

And. 70

Amin'ny tranga fandikan-dalàna rehetra voalazan'ity lalàna ity sy natao tao amin'ny Faritra arovana, ny teknisianina ao amin'ny sampan-draharaha momba ny ala na ny sampan-draharaha momba ny jono, dia manao ny fisy teknika misy ny fanombanana ny fahavoazana aorian'ny fandraisana ny kopian'ny fitanana an-tsoratra.

Raha toa ny fitanana an-tsoratra ka nataon'ny mpiasa misahana ny fitanana an-tsoratra hafa ankoatra ireo izay voalazan'ny andàlana teo aloha, ireo mpiasa misahana ny fitanana an-tsoratra ireo dia mampita amin'izy ireo ny kopia ho amin'ny fanaovana ny fisy teknika misy ny fanombanana.

Io fisy io dia ampiasaina ho fototra mba hamerana ny tetin'ny onitra ho amin'ny fahavoazana nihatra. Izany dia tena ilaina mba hanohanana ny fangatahana ny onitra ary ny famerana ny tetin'izany amin'ny fotoam-pitsarana.

And. 71

Ny paika arahina momba ny lalàna iombonana dia ampiharina ho amin'ny fizahana fototra ny fandikan-dalàna, ny fikarohana ny tompon'antoka, ny fisamborana, ny fiambenana ary ny famotorana ary koa ny fampakarana eo amin'ny fitsarana.

Raha ilaina, ny mpiasam-panjakana mpiasa misahana ny fitanana an-tsoratra dia afaka mangataka am-bava na an-tsoratra, ny mpitandro ny filaminana mba hanampy azy ireo izay tsy afaka mandà ny fitondrany fanampiana.

And. 72

Amin'ny tranga fandikan-dalàna rehetra voalazan'ity lalàna ity sy natao tao amin'ny Faritra arovana, ny mpiasa misahana ny fitanana an-tsoratra nahavita fianianana dia manao ny fitanana an-tsoratra mampiditra ny fisy teknika misy ny fanombanana ny fahavoazana.

And. 73

Ny mpiasa notanisaina tao amin'ny andininy faha-66 etsy ambony dia manao ny fanagiazana sy fanibohana ny vokatra rehetra, zavamaniry na biby anton'izany, ny vokatry ny fandikan-dalàna, ny fitaovana na ny kojakoja nanatanterahana ny fandikan-dalàna.

Mifanaraka amin'ny fitsipika momba ny paika arahina momba ny ady heloka manan-kery izay rehetra fitanana natao tamin'ny alàlan'ity lalàna ity.

And. 74

Ny biby sy zavamaniry rehetra, vokatra na zavatra nogiazina, dia alain'ny mpiasa misahana ny fitanana an-tsoratra na ahibony, arakaraka ny tranga.

Ny asa rehetra dia anaovana ny fitanana an-tsoratra misaraka. Izany no itokiana mandrapisian'ny porofo mifanohitra raha toa izany ka nataon'ny mpiasa misahana ny fitanana an-tsoratra roa. Raha mifanohitra amin'izany, dia fampahalalana fotsiny ihany izany.

Anaovana sosona araka ny isan'ny olona voakasika ny Fitanana an-tsoratra.

Ny matoa dia alefa mivantana amin'ny Mpampanoa ao amin'ny Fitsarana mahefa aorian'ny fikatonan'ny raharaha.

And. 75

Ny mpiasa notanisaina tao amin'ny andininy faha-66 etsy ambony, nanao ny fitanana an-tsoratra momba ny fandikan-dalàna, dia mitory any amin'ny fampanoavan'ny fitsarana mahefa :

- Ny olona tsirairay na vondron'olona nanakana tamin'ny nahim-po ny fanatontosany ny asan'izy ireo, tamin'ny fomba nilamina na narahina hetsika, indrindra ny fandavana tsy hanome ny mombamomba azy tsirairay, na manohitra azy ireo amin'ny asa fikomiana araka ny famaritana ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny ady heloka;
- Ny olona rehetra ahiahiana nanao fandikan-dalàna azo faizina amin'ny sazy fanagadrana, na tratra ambodiomby na tsia.

TOKO IV : HETSIKA SY FANENJEHANA

And. 76

Ny fitsarana mahefa dia izay eo amin'ny toerana misy ny Faritra arovana, ny vaomiera misahana ny fandikan-dalàna na ny fisamborana ny tompon'antoka, ka ny paika arahina momba ny fanenjehana sy ny fitsarana dia manaja ny fitsipika momba ny lalàna iombonana.

Ny mpiasa misahana ny fitanana an-tsoratra, araka ny fahazoan-dalana avy amin'ny Mpampanoa ao amin'ny fitsarana mahefa, dia manao ny fampakarana ny olona rehetra voakasika hiseho ka hotsaraina eo anatrehan'ny fitsarana mahefa raha vantany vao mikatona ny fitanana an-tsoratra.

Ny fampakarana hotsaraina, atao amin'ny anaran'ny Mpampanoa ao amin'ny Fitsarana mahefa, dia tsy maintsy ahitana indrindra ny vaninandro, ny anarana ary ny toeram-ponenan'ny mpiasa misahana ny fitanana an-tsoratra, ny fanondroan'ny fitsarana mahefa, ary koa ny andro sy ora anaovana ny fotoam-pitsarana, ny endriky asa fandikan-dalàna ary ny fanamarinana ny rijan-teny fampiharana ho an'ny olona nenjehina noho ny fandikan-dalàna. Ho an'ny tsirairay sy anondroana anarana izany.

TOKO V: FANAGIAZANA SY FIVAROTANA NY ZAVATRA NORAISINA

And. 77

Ny fanagiazana ny biby, ny zava-maniry ary ny vokatry ny fandikan-dalàna ho an'ny Fanjakana soloin'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra arovana tena dia anaovana fanambarana mandrakariva ary tsy hisy fanonerana azo atao.

And. 78

Raha toa ny raharaha ka mbola eo am-pelatànan'ny fitsarana, ny biby, ny zava-maniry nogiazana dia ankinina, araka ny baikon'ny Tonia Mpampanoa na ny Mpiraki-teny Mpitsara ao amin'ny Fampanoavana, amin'ny Faritra arovana niaviany na ny foibem-piarovana akaiky indrindra.

Ny vokatra hafa na ny zavatra nogiazana dia amidy amin'ny alàlan'ny fitaomana hanao tolo-bidy ataon'ny fitondran-draharaha voakasik'izany, araka didy ataon'ny Filohan'ny fitsarana nampakaran-draharaha. Ny vola azo dia arotsaka ao amin'ny tahirim-pametraham-bola sy ny fandrotsaham-bola ao amin'ny tahirim-bolam-panjakana mandra-pisian'ny fanapahan-kevitry ny fitsarana raikitra.

And. 79

Raha toa ny tompo-marika ka tsy fantatra, ny biby, zava-maniry na vokatra hafa nogiazana araka ny lalàna dia giazana avy hatrany ho an'ny Fanjakana izay soloin'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra arovana tena. Ny fivarotana ny vokatra sy zavatra hafa nogiazana dia atao amin'ny alàlan'ny fitaomana hanao tolo-bidy tarihin'ny fitondran-draharaha mahefa araka ny didy amam-pitsipika manan-kery.

LOHATENY VI: FEPETRA TETEZAMITA SY FARANY

And. 80

Hisy rijan-teny amam-pitsipika ho raisina ho fampiharana ny fepetra sasantsasany amin'ity lalàna ity.

And. 81

Ny rijan-tenin-dalàna na didy amam-pitsipika mikasika ny karazanà zavaboahary manodidina tsirairay na sehatr'asa aman-draharaha miankina amin'ny Faritra arovana dia mbola mijanona hampiharina ihany amin'ireo fepetra ao aminy tsy mifanohita amin'ity lalàna ity sy raha toa ka tsy misy fitenenana momba izany. Ny fomba itondrana ny ala indrindra indrindra dia mihatra amin'ny Faritra arovana momba ny ala ary ny an'ny haren'ny atirano anaty rano sy an-dranomasina dia mihatra amin'ny Faritra an-dranomasina arovana.

And. 82

Izay rehetra asa aman-draharaha fitrandrahana, anatin'izany ny asa aman-draharaha momba ny fitrandrahana volamena talohan'ny fananganana ny Faritra arovana ao amin'ny sokajy Endri-tanàna Mirindra Arovana, ankoatry ny faritra anivo, dia azo omen-dàlana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika, aorian'ny fanehoan-kevitry ny mpitantana ny Faritra arovana, ny hevitry ny mana-mahay manokana momba izany sy/na ny rantsana fakan-kevitra voalazan'ny andininy faha-38.

Ny fombafomba mikasika ny fampiharana ity fepetra ity dia ferana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika.

And. 83

Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin'izay voalazan'ity lalàna ity, indrindra ny lalàna laharana faha-2001-05 tamin'ny 11 febroary 2003.

And. 84

Horaketina am-boky sy havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ity lalàna ity.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, ny 22 janoary 2015

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA

NY MPITANTSORATRA

RAKOTOMAMONJY Jean Max

TOVANA AMIN'NY LALANA

ANAVAOZANA NY FEHEZAN-DALANA

MOMBA NY FITANTANANA NY FARITRA AROVANA

FILAZALAZANA NY AMIN'NY POLITIKA

MOMBA NY FITANTANANA NY FARITRA AROVANA

Satria ny Olombelona sy ny Tontolo iainana dia tsy afa-misaraka ary ny fahavelomany dia mifandray akaiky amin'ny fahasalaman'ny tontolo iainana sy ny fanajana ny fananana,

Satria ny olon-drehetra sy ny vondrombahoaka izay misy azy, dia tsy maintsy manaja ny tontolo iainana,

Satria ny Fanjakana, miaraka amin'ny fandraisana anjaran'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana, dia miantoka ny fiarovana, ny fikajiana sy ny fanomezan-danja ny tontolo iainana amin'ny alàlan'ny fepetra mifanaraka amin'izany,

Satria tafiditra ao anatin'ny politikan'ny Fanjakana ny fananganana sy ny fitantanana ny faritra arovana mba hikajiana ny harena voajanahary sy ara-kolontsaina ary ampian'ny mpiara-miombon'antoka aminy izy amin'izany,

Satria araka izany politika izany, dia hisy mpitantana hiandraikitra ny famolavolana, ny fikajiana sy ny fitantanana, amin'ny fomba maharitra, ny faritra arovana maneho ny zava-manan'aina samihafa sy ny harena voajanahary manokana ho an'i Madagasikara,

Satria amin'ny ankapobeny, dia omena vahana ny fametrahana Rafitra momba ny Faritra Arovana,

Satria ireo faritra arovana ireo, dia anisan'ny reharehan'ny firenena ho an'ny taranaka ankehitriny sy ho avy, dia tsy maintsy atao ho toerana fikajiana, fanabeazana, fialan-tsasatra sy ho fanampiana amin'ny fampandrosoana ny mponina manodidina sy amin'ny toekarena isam-paritra sy eto amin'ny firenena,

Satria zava-dehibe ny fitsinjovan'ny politika momba ny fitantanana ny faritra arovana ireo olana sy trangan-javatra mifamatotra amin'io fitantanana io ary ahafahan'ny manam-pahefana mahefa mandray fanapahan-kevitra raha toa izany ka ilaina,

Ary araka ny Lalàmpanorenana sy ny Dinan'ny Tontolo iainana,

Dia atolotra ny filazalazana izao politika manaraka izao :

1. <u>Fotokevitra stratejika</u> :

Izany dia ahitana ny tanjon'ny Rafitra momba ny Faritra Arovana.

Ny fiarovana ny mahairay tsy anombinana ny haivoahary amin'ny fananganana, ny fitantanana sy ny fandraharahana ny faritra arovana dia vaindohan-draharaha lehibe. Ny feni-kevitry ny faharetan'ny haivoahary sy ny an'ny faharetan'ny fampiasana ny loharanon-karena voajanahary dia tsy maintsy avoitra ao anatin'io politika momba ny fikajiana ny faritra arovana io. Izany fiarovana izany dia tsy maintsy mifototra amin'ny fombam-pitantanana mafy orina ny zavaboahary manodidina sy ny harena ara-kolontsaina ao anatin'ny faritra arovana, ao anatin'ny fanajana hentitra ny sehatra maharitra sy mifanaraka amin'ny lalàna efa nisy na mbola hapetraka.

Ny faritra arovana dia tsy mitoka-monina, fa anisany ao anatin'ny zavaboahary manodidina sy ny endriky ny tontolo ara-kolontsaina. Ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika azy ireo dia tsy maintsy mifototra amin'ny fahalalàna ny fitambaran'ireo zavaboahary manodidina ireo sy ireo endriny ireo. Ny hasin'ny fiaraha-monina sy toekaren'ny manodidina ihany koa dia tokony hodinihina mba ho fampandrosoana maharitra sy hampihenana ny fahantrana amin'ny alàlan'ny fandraisana fepetra ampiarahana fanampiny ao anatin'ny fanajana ny tanjon'ny faritra arovana.

Ny fanapahan-kevitra mikasika ny fitantanana mba hanajariana ny zava-manan'aina samihafa dia mifototra amin'ny fahalalana tsara azo ampiasaina sy amin'ny fikarohana mivelatra, ary koa amin'ny fanekena ny fiantohana ny fanaraha-maso akaiky momba ny siansa mifandraika amin'izany.

Ny fikarohana atao ao anatin'ny faritra arovana dia tsy maintsy anomezana tombontsoa ho an'ny Fanjakana Malagasy, ho an'ireo mpitantana ny Faritra arovana ary koa ireo mponina eny amin'ny manodidina sy hitondra lanja bebe kokoa ho an'ny zava-manan'aina samihafa. Ny fepetra momba ny fikarohana, ny fampiasana sy ny tombontsoa avy amin'ny vokatra azo avy amin'izany dia tsy maintsy voalaza mazava tsara ao anatin'ny

fifanarahana eken'ny Minisitera miandraikitra ny Faritra arovana ary azo atao eo amin'ny mpitantana ny faritra arovana sy ny ivontoeram-pikarohana voakasika. Tsy maintsy atao ny fanajana ny feni-kevitra momba ny fizarana marina sy ara-drariny ny tombony avy amin'ireo loharanon-karena voajanahary, tafiditra ao anatin'izany ihany koa ny avy amin'ny zahavoahary.

Ny fanabeazana dia fitaovana iray lehibe hikajiana ny tontolo iainana. Ny hoe manabe dia manao izay hitiavana sy hampahafantarana ny lanjan'ny harena voajanahary sy ara-kolontsaina, ary manao izay hanarahana ny fomba fanao hanajana io harena io amin'ny fanamorana ny fidiran'ny besinimaro ao amin'ny faritra arovana ary ny fitiavan'izy ireo izany amin'ny alàlan'ny fametrahana ny fanajariana mifanentana amin'izany. Izany dia anaovana ny faritra arovana ho reharehan'ny faritra sy ny firenena ary izany dia hatrany an-tsekoly.

Ny Olombelona sy ny tontolo iainana manodidina azy dia tsy azo sarahina. Ny sori-dàlana sy ny fanomezan-danja ny faritra arovana dia tsy maintsy mitandro ny fomba fiaina sy ny filàn'ny mponina manodidina.

Amin'ny maha-faritra arovana natao hialam-boly, natao ho tohana lehibe amin'ny fampandrosoana ny fizahan-tany sy ny famoronana orinasa manaja ny tontolo iainana sy ireo toerana omen-tombon-dahiny amin'ny fikarohana momba ny zava-manan'aina, ny faritra arovana dia mandray anjara mavitrika amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy, fampandrosoana izay lafin-javatra iray tsy azo hamaivanina amin'ny asa fikajiana.

Indrindra manokana, ny fitantanana ny faritra arovana dia tokony hanome vahana ny fampandrosoana ny zahavoahary izay miseho amin'ny fiahiana ny fikajiana ny voahary sy ny voka-tsoany amin'ny mponina eo an-toerana, nefa tsy manimba ny kolontsaina. Amin'izany, ny fametrahana fotodrafitrasa momba ny zahavoahary dia tsy maintsy ampifanarahana amin'ny zava-takiana mifamatotra amin'ny fikajiana ny harena voajanahary sy ara-kolontsaim-pirenena nefa tsy maintsy nahazo fankatoavana mialoha avy amin'ny vondrona mpitantana ilay faritra arovana.

2. <u>Fotokevitra ho enti-miasa</u> :

Ireo dia fomba ho enti-manatratra ny tanjona voalaza etsy ambony.

Ny fiarovana ny faritra arovana dia mitaky fiaraha-miasa amin'ireo mpandray anjara rehetra toy ny fikambanana avy eto amin'ny firenena na iraisam-pirenena, ireo antokon-draharaham-panjakana sy ireo andrim-panjakana, indrindra ireo minisitera voakasika, ny sehatrasa tsy miankina amin'ny Fanjakana, ny vondrombahoakam-paritra ary ny mponina eo an-toerana. Ireo fifandraisana ireo dia manamora ny fifandrimbonana isam-paritra, ny fiaraha-miombonan'antoka, ny fifanaraham-piaraha-miasa, ary koa ny fifanakalozan-kevitra misokatra.

Satria ny fampiasana ny tany mifampitohoka na mifanakaiky dia mety mihitsy hisy fiantraikany amin'ny fisian'ny faritra arovana ary koa ny fitantanana azy ireo, dia ilaina ny fananganana ny fifandraisan'ireo vondrona ireo mba hamporisihina ny fanaovana ireo asa aman-draharaha azo ekena eo amin'ny lafiny zahavoahary, sy hampihemorana ireo izay tsy mifanaraka amin'izany.

Ny famantarana, ny fifantenana, ny fanondroana ary ny famoronana faritra arovana manan-danja eto amin'ny firenena dia miankina amin'ny fomba fanao handraisana anjara, tsara rafitra, matotra, voaravina amin'ny alàlan'ny fifanakalozan-kevitra, ary mifototra amin'ny fahalalàna mivoatra mikasika ny toerana.

Ny faritra arovana dia azo fantarina amin'ny alàlan'ny fifampiresahana amin'ireo minisitera voakasika sy ireo manam-pahefana eo amin'ny faritra, ny mponina any an-toerana ary ireo mpandray anjara hafa.

Azo omena fiarovana vonjimaika ny faritra arovana eo am-piandrasana ny fanapahan-kevitra anomezana ny fiarovana raikitra.

Ny fahombiazan'io fombafomba fananganana faritra arovana io dia mila ny fanamorana io fombafomba io ataon'ny mpampiroborobo ny faritra arovana.

Ho fanatrarana izany, tsy maintsy hajaina ireto fomba fanao manaraka ireto :

- Ny fanomezana ho an'ny besinimaro ny vaovao marina, mazava, hentitra, tsy maty paik'andro ary mafonja ;
- Ny fanondroana ny fanamby mikasika ny politikan'ny firenena momba ny faritra arovana, ny lalàna sy ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny faritra arovana sy ny tontolo iainana ;
- Tena ilaina tokoa ny fandraisana ny hevitry ny vahoaka eny an-toerana sy any amin'ny faritra, indrindra eo amin'ny famolavolana ny drafi-pitantanana, sy ny fanehoan-kevitry ny fitondran-draharaha eny anivon'ny faritra sy firenena ho amin'ny fampananan-kery azy.
- Ary ny fanolorana isam-banim-potoana ny tatitry ny asa vita, ary koa ny fanaovana ny fandaharanasa.

Ny drafi-pitantanana ny tambazotra na ny faritra arovana dia tena ilaina sy anisan'ny fanekena eo anatrehan'ny fitondran-draharaha mba hiarovana sy hampiasana amin'ny fomba maharitra ireny faritra ireny. Faritan'izy ireo amin'ny antsipiriany ny tanjon'ny fitantanana ary tondroiny hoa ahoana ny fahazoan'ny faritra arovana manome lanja ny harena voajanahary sy ara-kolontsaina ary ara-pivavahana eo amin'ny faritra misy azy. Ireo drafitra ireo dia tsy maintsy manasongadina ny toetra sy ny dingan'ny fepetra horaisina mba hiantohana ny mahairay tsy anombinana ny haivoahary ary ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary sy ara-kolontsaina ary ara-pivavahana eny anivon'ny faritra arovana, mamaritra ny endrika, ny toetra sy ny toeran'ny fandraharahana ary ny asa aman-draharaha ho tanterahina, sy mamantatra izay mety ho mpanjifa amin'izany.

Ny lahasa mikasika ny faritra arovana eny anivon'ny faritra sy eny an-toerana ary koa ireo tanjon'ny fitantanana azy ireo dia ampidirina ao amin'ny kisarin'ny fanajariana ny tany any amin'ny faritra.

Hisy fizohiana sy fanombanana ataon'ny Fanjakana amin'ny fanatanterahana ny drafi-pitantanana mandritry ny dimy taona hatao isam-banim-potoana. Torak'izany, ny Lasitry ny fahaiza-manao novolavolaina dia ho trandrahina mba hahatonga ny faritra aovana antsika hamaly mandrakariva ny mason-tsivana niaingana sy mifanindran-dàlana amin'izany ny fivoaran'ny toe-javatra arakaraky ny zava-misy.

Ny fitantanana maharitra ny Rafitra momba ny faritra arovana dia mitaky loharanom-bola azo antoka sy maharitra. Ny fikarohana ny fampaharetana dia atao amin'ny alàlan'ny fanamaroan-karazana ny loharanom-bola miditra. Ny fanamaroan-karazana dia mety ho azo avy amin'ny fanatsarana ny loharanom-bola efa misy avy amin'ny Tahirim-bola, amin'ny alàlan'ny fametrahana ny fiaraha-miombon'antoka amin'ny mpandraharaha tsy miankina amin'ny Fanjakana, ny antokon-draharaha eto amin'ny firenena sy iraisam-pirenena mba hanetsehana ny fomba famatsiam-bola maharitra sy mampiditra fomba vaovao.

Ny fiantohana ny fahatanterahan’ny andraikitry ny mpitantana ny faritra arovana dia mandalo amin’ny fandraisany anjara anjara amin’ny fizotry ny fanaraha-maso ny fampiharana ny Lalàna mifehy ny faritra arovana, izay miara miasa akaiky amin’ireo vondrona efa nomendàlana hanao ny fanaraha-maso toy izany, manamarina araka izany ny antony ilàna ny fametrahana ny mpiandry ny faritra arovana nanao fianianana amin’ny Rafitra momba ny Faritra Arovana.

Tsy maintsy manao lahasa mampidi-bola ihany koa izy, mandray ny haba ary mahazo, fanohanana ara-bola avy amin’ny Fanjakana.